Ny Valosoa sy hadihady

Fanatanjahantena
Mijapy ny FIFA ny fitondran-dRajoelina

Natao ho rentany ho rendanitra fa amboarina ny kianjaben'i Mahamasina, ka ny fitondrana no hiantoka manontolo ny fananganana ireo fotodrafitrasa, izay mitentina 77 tapitrisa dolara, na 278 tapitrisa ariary, mivoaka anefa ny marina ankehitriny fa avy any amin'ny Fifa io volabe io, ny dikany dia mijapy ny FIFA ny fitondran-dRajoelina, na raha ny marimarina kokoa, misandoka sy misoloky tsotr'izao ny FIFA ny filoha Andry Rajoelina sy ny forongony, efa fantatra anie fa tsy vola avy amin'ny fitondrana io matoa ny sandany aza natao amin'ny maribola dolara amerikana no nambara mialoha fa tsy amin'ny ariary, izay vao nokajiana ny sandany amin'ny ariary dia nambara ho fanta-bahoaka. Tsy vao izao no namitaka ny Fifa ny fitondrana, fa tamin'ny fandalovan'ny filohan'ny Fifa Infantino teto dia efa nohararaotin'Ingahy Rajoelina ny fanaovana fampielezankevitra ho an'ny kandidan'ny Irk teto Antananativo ary nanambarany, fa hamboarina ny kianjan'i Mahamasina, nandresena lahatra ny vahoaka tia baolina kitra sy mankamamy ny Barea eto Antananarivo. Ny filohan'ny Fifa tsy mahalala velively hoe atao fitaovana politika ny anaran'ny Fifa, kanefa azo eritreretina ihany fa mpiray tsikombakomba Ramatoa Fatma Samoura, izay efa fantatra ny nataony fony izy niasa teto amintsika, toy izany koa ny filohan'ny CAF, Ahmad.

Mikasika ity resaka Barea ity izay sandohan'ny fitondrana Rajoelina dia aleo lazaina ny marina, fa ny fitondrana Rajaonarimampianina no tena lany mondron-kery nampisandratra ny Barea,ny ministra Andriamosarisoa Jean Anicet nisahana ny fanatanjahantena sy ny tanora, no nikarakara ny ho enti-manana tamin'ny famoriana ireo mpilalao nanampy an'i Faneva Imma, ary tokony ho fantatry ny mpankafy baolina kitra, f'ireny mpilalao Malagasy any ivelany ireny dia tsy maintsy nanamboarana taratasy arapanjakana satria nisy ireo tsy mizaka ny zompirenena Malagasy na dia manana fiaviana Malagasy aza tamin'ireny mpilalao ireny, andraikitra goavana no noraisin'ny fitondrana Rajaonarimampianina nandamina izany.

Ny faramparan'ny taona 2018, mbola fitondran-dRajaonarimampianina no tafakatra ny Barea, ny mahatsikaiky anefa dia voizina mafy ny hoe "merci président" isaky ny mahazo fandresena ny Barea, ny Filoha Rajaonarimampianina no tokony hankasitrahana manokana. Ny amehezana ny resaka dia sady misoloky ny Fifa no misandoka ny zavabitan'ny filoha Rajaonarimampianina ny fitondrana Rajoelina, ka inoana fa tsy hipetra-potsiny ny Fifa, fa tsy maintsy hiaro ny voninahiny.

Ny Valosoa

Fitsarana sy fifidianana

Maty hasina ny fitsarana eto Madagasikara

Ny 13 Oktobra 1964 no natolotry ny fanjakana frantsay ho an'ny fanjakana malagasy ny lapan' ny fitsarana eny Anosy, ny Filohan'ny Repoblika Philibert Tsiranana sy ny Ministra Ramangasoavina Alfred, ministra niadidy ny fitsarana sady mpitahiry ny kasempanjakana, no nandray ny lapa ary ny ministra frantsay Jean Foyer, ministra nisahana ny fitsarana sady mpitahiry ny kasempanjakana frantsay, no nisolotena ny mpitondra frantsay. Voarakitra an-tsoratra eny Anosy ny anaran'ireo tompon'andraikitra ambony ireo, miampy ny teny filamatry ny fitsarana manao hoe : " Ity lapa ity dia ho toeram-pikarohana ny fahamarinana sy ho fialofan'ny malemy ary ho andrimpirenena", tsy eo Anosy ihany fa ahitana toy io avokoa ny lapan'ny fitsarana rehetra manerana an'i Madagasikara.

Izay rehetra miasa amin' ny raharaham-pitsarana toy ny mpitsara, ny mpiraki-draharaha, ny mpisolovava, ny vadintany, sns… dia tokony hahay tsianjery an'io teny filamatra io, ary tokony hahay hampihàtra azy ara-bakiteny, saingy iaraha-mahalala ny zava-mitranga eto amintsika eo amin'ny lafiny fitsarana, fa tsy mandeha araka ny tokony ho izy ny " fikarohana ny fahamarinana" ary ny manana fahefana sy vola no tompon'ny rariny, fa mbola lavitry ny afo ny kitay ny amin'ny hoe: ho "fialofan'ny malemy"ary ny maha"andrimpirenena" azy dia aleo tsarina fa andry boboka no azo ilazana azy.

Ny porofo tsotra sady mazava manamarina izany dia ireny niseho teny amin'ny fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana ireny, fa tsy nandeha araka ny tokony ho izy ny fandinihana ny fitoriana napetrakin'ny antoko Tiako i Madagasikara, fa dia hita mibaribary fa nisy ny tsindry goavana, zary henatra ho an'ny fitsarana malagasy ny nataon'ireo mpitsara nahavita fianianana, tsy mifankaiza amin'ny vitan' ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana (HCC) ny nataon'izy ireo. Fantatra fa misy ireo mpitsara vonona hanao ny asany mifanaraka amin' ny fianianana nataony, sy ny teny filamatra hita eny amin'ny lapa, saingy tsy afa-manoatra satria matahotra ny hoaviny, ny rafitra misy eo amin'ny fitsarana dia mbola ao ny filankevitra ambonin'ny mpitsara izay faratampony amin'ny fandraisana fanapahankevitra amin'ny fanendrena, na famindrantoerana ny mpitsara amperin'asa ary ny filohan'ny repoblika no filoha faratampony ao amin'io filankevitra ambonin'ny mpitsara io.

Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa misy lesoka ihany ilay teny filamatra satria misy ny teny hoe "ho", izay miverina intelo, midika hoe mbola tsy ankehitriny ny fikarohana ny fahamarinana sy ny fialofan'ny malemy ary ny andrimpirenena fa mbola ho amin'ny hoavy.

Ny Valosoa

Rina Randriamasinoro

Hampakatra ny raharaha eny amin'ny filankevi-panjakana

Ho fandravana ny didy izay navoakan'ny "Tribunal Administratif", mahakasika ny fifidianana ben'ny tanàna farany teo iny, hampakatra ny raharaha eny amin'ny filankevi-panjakana ny kandidà ben'ny tanàna Rina Randriamasinoro sy ny ekipany. Tsy afaka ny hionona sy hipetra-potsiny amin'ny didy navoaka izy ireo satria hita taratra, fa tsy nandeha araka ny tokony ho izy iny fitsarana iny, ary nitanila ny fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana. Etsy andanin'izay, dia nisy ihany koa ny fampitam-baovao nataon'ny teo anivon'ny "Transparency International" fa nisy tamin'ireo mpitsara voakasika tamin'iny raharaha iny no nilaza fa nisy ny tsindry sy baiko nidina natao, ka voatohintohina ny asan'izy ireo.

Helisoa

NY TENY FIAINANA

Jeremia 23:6

Amin'ny androny no hamonjena ny Joda, sy handrian'ny Israely fahizay, ary izao no anarany izay hanononana Azy: Jehovah Fahamarinantsika."

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Antananarivo tsy nifidy vazaha, mazava ny tsapan-kevitra



Ralijaona Faly : Antananarivo tsy nifidy vazaha izany, halatra MAZAVA be no nisy, ny sondage na tsapan-kevitra natao no mitsara izany.

Hanitra Andriamiarana : azy ny tanàna ry reto a! dia izay tiany atao, na dia amin'ny alalan'ny hala-bato be vato aza, mitsikombakomba ny fitsarana sy ny Ceni.

Haingotiana Razafison : shhhhh efa fantatra mialoha zany e! aleo ho hita eo ny fahaizany. Na izany aza, tsy tokony hihemotra amin'ny fitakiana ny marina ny Tim sy Rina ary ny mpomba azy rehetra amin'ny famoahana ny marina.

Louis Gaby Maurice : ZAVATRA EFA MAZAVA NGE IO E, ADY NO TADIAVINDREO, ARY HIPODY AMINY NY RAHA NATAONY TAMIN'NY 2009 RENY!

Lala Ramiary : mba matahora an' Andriamanitra ry fitsarana rehefa tsy matahotra vahoaka a! ho voa mafy ny manao ny marina raha toa ka avela higalabona toy izao ny tsy fahamarinana, tokony hijoro hatramin'ny farany ny mpitaky ny fahamarinana.

Sitraka Fandresena Tiana : mijadojadona be ilay famindra, tandremo sao tafintohina ka hidaraboka. Matahora an'Andriamanitra.

Freddy Randriamifidy : tena efa tsy rariny, mila mijoro hatramin'ny farany, far aha tsy izany dia tsy ho credible amin'ny vahoaka intsony Ravalomanana, Rina sy ny TIM ary ireo mpiara-dia aminy.

Anjelinah Villard Tiavin'ny Avo : ampy zay, mila mandray fanapahan-kevitra, ireo rehetra niharan'ny tsy rariny, sy ny tsy fahamarinana nataon'izao fitondrandRajoelina izao.

Oncle Picsou : FIFIDIANANA HOSOKA. FITSARÀNA KOLIKOLY. BEN'NY TANANA FôPLA ZANY ILAY NAINA ANDRIANTSITOHAINA.

Felana Miorasoa : tsy ho zakan'ny fitsarana ny alahelon'ny vahoaka mitambesatra aminy, raha tsy hiten reo manao marina voahelok sy meloka lasa marina ah!

Melly Tsara Teza : ny allez no azy fa ny retour mbola hisy e, ny marina tsy mba maty Zany, courage foana!

TONONKALO

Mafy loatra ve ny tsindry ?

Mafy loatra ve ny tsindry ry mpitsara,
Sa ahoana fa mba tianay hofantarina ?
Tena diso ve `zahay raha manambara
Fa iniana toa takonana ny marina ?

Mafy loatra ve ny tsindry ry mpitsara,
Ka tsy anananao ny fahaleovantena ?
Sa matahotra ny hoe ho very anjara,
Raha manohitra ny baiko izay nomena ?

Mafy loatra ve ny tsindry ry mpitsara,
Ka voatery ianao manao ny tsy fanao ?
Dia ho aiza izato Madagasikara ?
Hanahoana re ny ampitso raha izao ?

… Satria hidify, tsy ho tazana eto intsony
Izany marina natao ho tarigetra,
Raha ianao miteronterona eny ambony,
No mpanohana ny lo sy ny voretra !

SEDERA RAVALISON (09-01-20)